Izay manan-katao aminareo dia aoka izy hanambady, fa izany dia mampidina ny maso, sy miaro ny taovam-pananahana, ary izay tsy afaka kosa dia aoka izy hifehy, fa ho fiarovana ho azy izany

Tatitra azo avy amin'i Abdollah bin Masond (R.A) niteny izy: Niaraka tamin'ny Mpaminany (S.A.W) izahay ka niteny izy manao hoe: "Izay manan-katao aminareo dia aoka izy hanambady, fa izany dia mampidina ny maso, sy miaro ny taovam-pananahana, ary izay tsy afaka kosa dia aoka izy hifehy, fa ho fiarovana ho azy izany."
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Namporisika ny Mpaminany (S.A.W) ireo izay afaka manao firaisana ara-nofo sy mamatsy ny tokatranom-banambadiana mba hanambady; Satria miaro ny masony amin’ny zavatra voarara izany, sy tena miaro ny taovam-pananahany, ary manakana azy tsy ho latsaka amin’ny fahalotoam-pitondran_tena. Ary izay tsy mahafeno ny fepetra takian'ny fanambadiana raha mbola afaka manao firaisana, dia aoka hifady hanina izy, satria izany dia hanapaka ny filan'ny fitaovam-pananahana sy filandratsin'ny tsirinaina.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5863